
Gazety



# FANANTENANA

FIANGONANA LOTERANA MALAGASY
Fitandremana Toby Fanantenana 67 ha
http://www.flm67ha.org

*Gazety ara-pilazantsara miseho isan-droa-volana*
*Laharana: 16 Volana Jolay / Aogositra 2010 Vidiny: 500 Ar*

## TENIN-DRAIAMANDRENY

Faly miarahaba antsika rehetra indray, ry havana, vitasoan'ny Pentekosta Fihavaozana! Noho ny asan'ny Fanahy Masina dia mitohy izany fihavaozana izany. Tsy havela hisy vato mifanongoa amin' ny fiainam-pinona fa hakisaka sy hohavaozina avokoa izany. Miarahaba antsika rehetra koa samy nahatratra ny faha –50 taonan'ny niverenan'ny fahaleovantena sy fiandrianam-pirenentsika.

Ho vavolombelona mahatoky eo anivon'ny fiarahamonina misy antsika avy anie isika rehetra.

Noho ny fitahian'ny Tompo dia afaka namarana ny asa pastoraly nataony teto amintsika Pastora ANDRIAMALALA Jean Hubert mivady. Folo taona latsaka kely no niasany teto ary tamin'ny Alahady 27 Jona teo no nanao veloma ny Fiangonana izy mianakavy. Ny Tompo anie hampahery azy ireo amin' izao fidirany hisotro ronono izao.

Ankehitriny dia miomana isika ho amin'ny isan-telovolan'ny Fileovana Fahamarinana; izany dia ho tanterahina ny 09, 10 , 11 Jolay eto amin'ny FLM Fanantenana 67 ha. *"Mandeha amin'ny fianam-baovao" ( Rm 6: 4)* no Faneva ho banjinina. Mifandray amin'ny fihavaozana izay noraisintsika ho filamatra hatramin'ny Pentekosta izany faneva izany, ary antenaina fa hamelombelona ny finoantsika sy ny fahavitrihantsika ho amin'izany fihavaozana izany. Araka ny tenin'ny Apostoly Paoly, isika dia tsy ambanin'ny Lalàna fa ambanin'ny fahasoavana koa dia ny Fanahy Masina no mitari-dàlana antsika. Handalina izany fampianarana izany isika amin'izao isan-telovolana izao.

Miditra amin'ny fotoana iomanana hamonjy Toby samihafa isika. Entina ambavaka ireo mpiomana izay hatokana ho mpiandry amin'ity taona ity. Ireo mpiomana avy amin'ny Fileovana Fahamarinana dia haseho amin'ny Fiangonana amin'ny isantelo volan'ny Fileovana izao. Entina ambavaka koa ny fivoriana rehetra izay hatao isaky ny Toby (na lehibe na tsia). Hahazo aim-panahy tokoa anie izay manatona ireny Toby ireny ka hitondra izany mody ho famelombelomana ny Fiangonan'Andriamanitra.


Tsarovana etoana koa ny Zaikaben'ny FBL izay hatao any Antsiranana sy ny Fiofanan'ny FIPAVA izay hatao any koa ny 17- 22 Aogositra 2010. Ento ambavaka ireo fotoana sy fivoriana lehibe ireo.

Aorian'izany dia miomana sahady koa isika hankalaza ny Isan-taonan'ny Synoda izay hatao any Tsiroanomandidy ny 08 – 12 Septambra.

Ny irin'ny Gazety FANANTENANA dia ny hahitanao fifaliana sy fandrosoana amin'ny famakianao sy fampiasanao izay toro-hevitra voarakitra ato.

Ho aminao mandrakariva anie ny fiadanan'ny Tompo.

# HERINANDRON'NY SALOMA



*Fifaliana ho an'ny mpianatra, ny mpampianatra ary ny raiamandreny ny fiatrehana sy fahavitan'ny andron'ny SALOMA ny 13 - 16 Mey 2010.*

Pejy 5

## FOTOAM-PIVORIANA ENIM-BOLANA FAHA-2

- Isan-telovolana faha-3: 10-11 Jolay 2010 eto amin'ny FLM Toby Fanantenana 67Ha
- Isan-taonan'ny Tobilehibe Ankaramalaza: 27 Jolay - 02 Aogositra 2010
- Isan-taonan'ny Tobilehibe Manolotrony: 10 - 13 Aogositra 2010
- Zaikan'ny FIPAVA atao any Antsiranana: 14 - 18 Aogositra 2010
- Isan-taonan'ny Tobilehibe Farihimena: 19 - 26 Aogositra 2010
- Zaikabe FBL, Antsiranana: 17 - 22 Aogositra 2010
- Zaikabe SKOTO, Antsiranana: 24 - 29 Aogositra 2010
- Isan-taonan'ny SPAnta, Tsiroanomandidy: 8 - 12 Septambra 2010
- Isan-taonan'ny Tobilehibe Soatanàna: 14 - 17 Septambra 2010
- Zaikabe VLM, Morondava: 21 - 30 Septambra 2010
- Isan-telovolana faha-4 FLM Itaosy: 9 - 10 Oktobra 2010
- Isan-taonan'ny FLM Toby Fanantenana 67Ha: 20 - 24 Oktobra 2010
- Isan-taonan'ny FLM Toby Ambohibao: 16 - 22 Novambra 2010

TORO-HEVITRA MAHASOA

Fomba mahomby entina manomana ny fanadinana
*Pejy 7*

## HO HITANAO ATO

Fampianarana Soratra Masina................2
Toriteny ................................................3
VLM - SA ..............................................4
DDK ......................................................4
SALOMA ..............................................5
Fampianarana Boky ..............................6
FMBM.....................................................7
Toro-hevitra mahasoa ..........................7
Sakafo-Fahasalamana ...........................8
Tononkalo - Kilalao ...............................8

*"Mifalia amin'ny Fanantenana"*

# Toriteny tamin'ny Jobily Ramatoa Ralivao Hélène - Asabotsy 12 Jona 2010
# Filipiana 2:17-18

**1.** Inona no zavatra lazain'ny Apostoly Paoly eto? Mampitaha ny tenany amin'ny atao hoe "fanatitra aidina" izay araraka amin'ny fanatitra odorana izy. Inona moa izany "fanatitra aidina" izany ? Teo amin'ny Testamenta Taloha, dia ny fanatitra na sorona no ivon'ny fotoam-pivavahana. Ny olon'Israely, izay niaina tamin'ny Fanekem-pahasoavana nataon'i Jehovah dia nanolotra omby na ondry ho sorona enti-manatona an'Andriamanitra. Amin'ny alalanizany sorona izany no nanambarany ny fanoloran-tenany ho an' Andriamanitra. Ny fanatitra izay nodorana tanteraka dia naneho ny fanoloran'ny mino tena tanteraka (100%) ho an' Andriamanitra.

**2.** Araka ny bokin'ny Nomery *(*oh *Nom 29:35-36*) ny fanatitra odorana dia nampiarahina tamin'ny fanatitra ho hanina sy ny fanatitra aidina. Ny fanatitra odorana dia fanolorantena ho an' Andriamanitra. Ny fanatitra ho hanina dia fanati-pihavanana, izay nohanin'ny mpanolotra miaraka amin'ny mpisorona, teo anatrehan'i Jehovah. Ny fanatitra aidina kosa dia diloilo na divay izay nararaka tamin'ny fanatitra odorana.

**3.** Ny antony nandrarahana diloilo na divay tamin'ny fanatitra odorana dia, voalohany, haneho fa amin'nmy fifaliana tanteraka no anaovana izany fanatitra na sorona izany! Satria ny diloilo sy ny divay dia nampiasain'ny Israely ho enti-maneho fifaliana sy firavoravoana. (Azo lazaina aloha fa ny fotoam-pivavahana tamin'ny zanak'Israely dia naneho fifaliana teo anatrehan'ny Tompony! Tena rehareha tokoa ho an'Israely izany tonga eo amin'ny Kianjan'ny Tempolin' Andriamanitra ka manolotra fanatitra ho fiombonana aminy izany!)



**4.** Ny fanatitra aidina koa anefa dia natao mba hampirehitra tsara sy maherivaika ny fanatitra dorana ary mamoaka fofona manitra ankasitrahan' Andriamanitra izany. Tsy fanatitra midona-tsetroka manepotra, lavin' Andriamanitra, fa fanatitra mameno fifaliana ny rehetra. Ho fampitahana dia nisy tranga iray, nataon'i Elia teo amin'ny tendrombonitra Karmela *(I Mpanj 18:34 –35)*, izay rano no nasainy nararaka intelo tamin'ny fanatitra sy ny kitay mba hanehoan'I Jehovah ny heriny amin'ireo mpaminanin'i Baal.

**5.** Paoly dia manohatra ny tenany amin'ny fanatitra aidina. Inona no tiany ho lazaina? Lazain'i Paoly fa efa akaiky ny hamonoana azy, ho tapahin-doha noho ny fijoroany ho vavolom-belona mahatoky, ny amin'i Jesosy Kristy. Izany dia lazainy mazava ao amin'ny *II Tim 4:6* hoe: *"Fa izaho dia efa hatolotra toy ny fanatitra aidina sahady, ary efa mby akaiky ny andro hialako"*. Eto amin'ny Filipiana anefa dia lazain'i Paoly fa ny ainy izay atao fanatitra aidina izany dia araraka amin'ny sorona ataon'ny mino dia ny fanatitry ny finoany izany! Sary matanjaka be izany, ara-teolojioa, na dia mety ho tsy zakan'ny olona aza ny mandray azy.

**6.** Lazain'i Paoly fa ny fiainany, ny ministerany na ny fihazakazahany dia fanatitra toy ny diloilo sy ny divay izay nararaky ny Tompo amin'ny sorona sy fanatitra ataon'ny mino tsirairay. Arak'izany, ny asany sy ny iraka nampanaovin' ny Tompo azy, mbamin'ny fijoroany ho martyoran'i Kristy, dia ho fanamafisana orina sy fampaherezana ny fanolorantsika tena tsy amin'ny teny ihany fa amin'ny fahafoizana rehetra ho an' Andriamanitra. Fa ny fanatitra ataontsika mino, arakla ny Sal 40, dia tsy fanatitra alatsaa-drà intsony fa fanolorana ny tena ,anontolo. Eto dia tsy diloilo na divay intsony no resahina ho fanatitra aidina fa ny ain'ny apostoly manontolo. Izany dia mitovy amin'izay lazainy amin'ny Korintiana *(II Kor 12:15)* manao hoe: *"Ary izaho dia faly indrindra handany sy holanina hahasoa ny fanahinareo, na dia araka ny fitombon'ny fitiavako anareo aza no fihenan'ny fitiavanareo ahy"*.

**7.** Ny fiainan'i Paoly dia natolony ho an'ny Fiangonan'i Kristy manontolo. Koa raha manakaiky ny handatsahan-drà azy, dia atolony ho an'ny Fiangonana izany ho fanatitra antsitrapo ho fampaherezany ny Fiangonana. Ary dia lazainy fa mahafaly azy izany ary iarahany mifala amin'ny Fiangonana. Tsy heveriny ho hazo-fijaliana ampitondrain'ny Tompo azy, na fangirifiriana iaretany noho ny finoana; fa fifaliana! Ka hoy izy: *"Ary aoka izany no hampifaly anareo koa, ary miaraha mifaly amiko" (Fil 2: 18)*. Tsy misy anenenany amin'ny fiainany, ary tsy misy fihininy ho azy samy irery; fifaliana zaraina amin'ny fitiavana no mameno izany fiainana atolotra ho fanatitra aidina izany. Izao no ilazany azy: *"Efa niady ny ady tsara aho; nahatanteraka ny fihazakazahana aho; nitahiry ny finoana aho; hatrizao dia tehirizina ho ahy ny satro-boninahitry ny fahamarinana, izay homen'ny Tompo, Mpitsara marina, ho ahy amin'izay andro izay; ary tsy ho ahy ihany, fa ho an'izay rehetra tia ny fisehoany koa" ( II Tim 4: 7-8)*.

**8.** Mampisaotra ny Tompo ny nananan'ny Fiangonana olon' Andriamanitra tahaka an'i Paoly, izay nitondra ny mafy tokoa tamin'ny fanarahana ny Tompo sy tamin'ny fanambaràna ny famonjena sy fanavotana vitany ary ny fiahiany ny Fiangonan'i Kristy, araka izay lazainy ao amin'ny *II Kor 11: 16–33*.

Ny mampisaotra ny Tompo koa anefa dia izao: Izy dia nanangana olona maro ho andry eo amin'ny Fiangonany, izay nanolotra koa ny ainy sy ny fiainany ary izay nananany ho fanatitra aidina hampiredareda ny finoan'ny olon' Andriamanitra sy hampirehitra mazava sy maherivaika ny fanolorantenany, toy ny fanatitra odorana norarahana diloilo tsara.

**9.** Amin'ity andro iray toa zato ity, isika dia mahatsiaro sy manolotra eo anatrehan' Andriamanitra, anabavin'ny Tompo iray, izay efa nanolotra ny fiainany koa ho fanatitra aidina amin'ny soron'ny finoana ataon'ny fiangonana. Tsaroana eto ny tenin'ny apostioly Paoly ao amin'ny II Kor 12: 28-29 hoe:"Afatsy ireo rehetra ireo, dia mbola misy koa izay mahazo ahy isan'andro, dia ny fiahiana ny fiangonana rehetra. Iza no malemy ka tsy malemy aho? Iza no tafintohina ka tsy mirehitra aho?" Tenin'i Paoly izany, nefa tenin-dRamatoa Ralivao Helène koa. Amin'ny maha-mpampianany anay, dia hitanay ny evolution'ny ministerany dia ny nanompoany ity FLM ity, tsy teo amin'ny fanabeazana ny vehivavy sy ny zatovo-vavy ihany fa ny fanabeazana ny Fiangonana manontolo, mba hahita sy hahay handray ny fahafenoan'ny fitahian' Andriamanitra amin'ny fampiasana ny olona rehetra ny Fiangonana.

10. Isaorantsika tokoa Andriamanitra fa mbola misy eo amin'ny Fiangonana izay tena mpitondra, milanja ny mahavesatra ny olon' Andriamanitra izay novidin'i Kristy tamin'ny rany na dia tsy zakany aza. Ireo dia avahana amin'ireo izay lanjaina sy banabanaina atao ho raiamandreny tompoina, nefa mampangirifiry ny Fiangonan'i Kristy amin'ny jadona sy fanamparam-pahefana ary ny fanjakaza-kana amin'ny hevitra tsy toy inona akory.Tsy mba diloilo tsara no aidiny amin'ny fanatitry ny finoan'ny olona fa fotaka sy ranondolana, ka mamono ny fanahin'ny olon' Andriamanitra.


**11.** Aiza moa ny Fiangonana no ho afaka hifaly raha fanjakazakana amin'ny anjara fiandrasana no ataon'izay mpitondra tompoina? Mivavaka ho an'ireny olona lanjaina ireny isika mba hianarany ny ohatra napetraky ny apostoly. Anio anefa dia mifaly isika fa misy eto afovoantsika izay nanompo ny Tompo sy ny Fiangonany tamin'ny fifaliana. Aoka hiara-mifaly aminy isika. Ny endrika anehoana izany fiaraha-mifaly aminy izany dia ny amelantsika hirehitra mazava ny fanolorantenantsika ho an'ny Tompo sy ny fanamafisana orina eto amin'ny firenentsika ny satan'ny fanjakan'Andriamanitra ka hiorina eto tsy hiala *"ny fitiavana, ny fifaliana, ny fiadanana, ny faharipo, ny fanaovantsoa, ny fahamarinana, ny fahalemem-panahy, ny fahononam-po"* araka ny *Gal 5: 22-23*.

**12.** Ary rehefa miorina tsara ao anatintsika sy eo amin'ny fiangonana misy antsika izany satan'ny Fanjakan' Andriamanitra izany, isika tsirairay koa dia hamboarin'ny Tompo ho tonga fanatitra aidina hamelombelona ny finoana sy fiainan'ny manodidina antsika.

**13.** AMENA

*Dr. Péri RASOLONDRAIBE*

## TORITENY: Matio 6:33
**"... fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany dia hanampy ho anareo izany rehetra izany"**



**Lohateny :** Ny fahafahana amin' ny fiahiana izao fiainana izao.

**Fotokevitra** : Ny fanjakam-pahasoavana dia ny fanjakan'Andriamanitra, hiainana ny fahafenoan'ny harempamonjena, natolotry ny Tompo, ka hijoroan'ny mino.

Ny Tenin'Andriamanitra eto dia mitarika antsika handroso, hihary harena ao amin'Andriamanitra eto antany, ary tsy ho feno fanahiana ny amin'izao fiainana izao. Toe-panahy avy amin'Andriamanitra ny hikatsahana ny mateza sy maharitra ny amin'ny fanjakany sy ny fahamarinany, fa tsy hihary harena ety antany hoy ny Tompo.
Fa sambatra izay manankarena ny amin'Andriamanitra.

Ny kristiana miaina amin'ny fanantenana, dia manao ho fahavelomany ny asampamonjena, vitan'i Jesosy Kristy Tompo ; zanaka miaina amin'ny tenin' Andriamanitra sy tarihan'ny Fanahy Masina.
Mahatsiaro fa tsy velona ho an'ny tenany intsony, ka tsy ny maha olona voaforona azy ao amin'i Kristy ihany no ahalalany ny tenany fa ny asampamoronana voalohany, iasan'ny tenin'ny finoana sy ny fibebahana marina, hanekena fa Andriamanitra no ivelomana sy hihetsehana ary iainana.

Sarobidy amin'ny antompisiantsika kristiana tao amin'ny Batisa ny hitomboantsika amin'ny fanarahana ny tenin'ny fahamarinana ; Manetsika antsika hanolotena isan'andro hanao ny sitrapon'ny Tompo izany, noho ny maha olon'ny fanjakampahasoavana ahy sy ianao, miaina ny famindrampon'ny Tompo Jesosy. Tsy harovan'Andriamanitra amin'ny ratsy fotsiny amin'izao fa hahatonga ny mino ho vavolombelona hamaha ny famatoran'ny faharatsiana sy ny aizin'ota, izay mangeja ny manodidina ahy sy ianao. Mba hisy fiantraikany soa sy tsara amin'ny ankohonana, manodidina manontolo ny fahafoizantena, ny fandavantena, ny fandanianao vola amankarena, hanaovana ny asan'Andriamanitra ; mitory ny Filazantsara amin'ny endriny samihafa nefa tsy mahaova na mahasingotra akory ny harem-pamonjena azonao tamin'ny Tompo, noho ny herin'ny fahafatesany sy ny fitsanganany..

Fiainambaovao ho anao izany. Kristiana tsy vesaran'ny fiahiana sy ny ota fa manana an'i Jesosy mitondra ny holatry ny nohomboana eo amin'ny tanany ho antoka, ka omeny anao araka izany koa ny zavatra rehetra.

Hevitr'Andriamanitra sy heriny ny mbola fisianao eto ary na aiza no alehana, na inona no hataonao dia mandehana amin'ny maha zana ky ny fanjakampahasoavana anao, eo amin'ny fanompoana natolotra anao.

Manao ahoana ny fiantraikan'izany eo amin'ny ankohonanao , ny fiaraha-monina, eo amin'ny firenenao, ao amin'ny Fiangonana ; hitanao fa tsy maha vahiny anao ao amin'ny fanjakam-pahasoavana ve izany ?

Ry havana ! tonga indray ity ny fotoana hankalazantsika ny isantaonan'ny fifohazan'ny Tobilehibe Ankaramalaza. Manao ahoana ny fiomananao hiatrika izany ? Olona resin'ny fiainana andavan' andro ve ianao ka tsy misy mihiratra ho anao izay ataonao na ny manodidina anao ka ho any Ankaramalaza toy ny olona handositra adidy ; Ary adidy inona no ho eritreretinao tsy vita ka hatao any ?
TSIA !

Ny fahamarinan'ny nampikatsahan'Andriamanitra anao ny fanjakany sy ny fahamarinany amin'ny andrompiainanao no antony. HANOVO HERY NO HITONDRAN'NY TOMPO ANAO HO ANY.

Hanao fitokanana mahagaga, hifanerasera amin'ny mpino anarivony, zanaky ny fanjakam-pahasoavana,. Isika rehetra no hanamarina fa nampikatsahan'ny Tompo ny fanjakany sy ny fahamarinany isika, ho an'ny, ny firenena. Aza manahy, ny Tompo no momba anao. Ny haren'ny famonjena no hiaraka aminao ary hozarainao izany amin'ny maha mpaminanin'ny Firenena anao. Jesosy manome anao ny zavatra rehetra .

Amena

HO AMIN'NY FANAHINAO ANIE NY FIADANAN'I KRISTY JESOSY TOMPONTSIKA. AMENA

## VLM
FIHAONAM-BE FAHA-5

Notanterahina ny 07-08-09 Mai 2010 lasa teo ny fihaonam-be faha-5 ny sampana Vokovokomanga Loterana Malagasy (VLM) ato anatin'ny SPAnta izay natao tany Anjozorobe – Fitandremana Tsarahonenana – Fileovana Ankatso.
Ny andro voalohany dia nahitàna atrik'asa maro samihafa ary Asabotsy dia nisy fampianarana izay narahina asa sy fampaherezana ny tapany maraina.
Ny tolakandron'ny asabotsy kosa dia nisy fifaninanana ara-panatanjahan-tena izay notanterahina teo amin'ny kianja malalaka eo an-toerana ihany
Toy ny mahazatra moa dia nisy ny "takariva manga" izay nohafanain'ireo mpizaika ary narahina fanentanana momban'ny fisorohana ny vokadratsin'ny zava-mahadomelina, teo koa ny rindran-kira nataon'ny sampana" KINTAN'NY MARAINA ", "FDL 67ha" sy ireo antokom-pihira VLM .
Ny alahady kosa dia nisy ny filaharana namakivaky ny tanàna ary nizotra ho any amin'ny toeram-pivoriana. Ny Pastora RANDRIANARIVELO Joseph



filohan'ny SPAnta no nitory ny tenin'Andriamanitra tamin'izany izay nahompana tamin'ny teny faneva *nalaina tao amin'ny Jeremia 29. 15a "…Jehovah manangana mpaminany"* ary ny vakiteny moa dia tao amin'ny *Jer 29:11-15 / Jakoba 1:22-27 / Jaona 17:18-23*. Noraisina ohatra tamin'izany ny fiainan' i Jeremia mpaminany sady mpitondra ny hafatry ny Tompo ho an'ireo Zanak'Israely izay voagejan' ny fahotana ary nihodina tamin'Andriamanitra hatrany. Tetsy ankilany koa ireo mpaminany sandoka marobe izay mamafy lainga ka nalefa ho babo tany Babylona ny Zanak'
Israely mba hialàny amin'izany faharatsiana rehetra izany ary koa mba hitodihany amin'Andriamanitra indray. Ny Tompo anefa tsy mba nahafoy azy ireo mihintsy tamin'ny alalan'ireo mpaminany maro izay nirahiny hilaza ny marina ary mba hirotsahan'ny fitahiana sy ny fahasoavan'Andriamanitra amin'izy ireo.
Toy izany koa ny Vokovokomanga izay manana "mission" napetrak'Andriamanitra taminy dia ny tsy hanginana fa hilaza am-pitiavana ny fahamarinan'Andriamanitra amin'ireo mbola voageja ny zava-mahadomelina maro samihafa mba tsy hisy ny fahaverezan'ny namana satria hoy ny Tompo hoe *"…Jehovah tsy ela amin'ny teny fikasany…mba handraisan-tsika ny famonjena"*
Manaraka izany dia maro ireo hetsika "ezaka zaika be nasionaly izay tanterahina any Morondava ny 21 ka hatramin'ny faran'ny volana Septamba 2010 ho avy izao", toy ny famarotana ny tee shirt isankarazany teny anivon'ny sehatra maro samihafa ary koa ireo hetsika "déjeuner planète sy ny déjeuner animation izay natao tetsy amin'ny ANS ny 27 Jiona 2010" ary koa izay mbola ho avy. Etoana ny sampana VLM 67ha dia manantitra sahady ny fisaorana sy fankasitrahana ho an'ireo izay efa nandray anjara ary mbola mandrisika hatrany ny herimpontsika amin'ny fanohanana anay satria zava-dehibe ho an'ny fiainam-panahy sy ny aratsaina ary koa ara-batan'ny mpikambana tsirairay avy ny fanatrehana ny zaika be tahaka ireny. Herezo tompoko fa tsy ho very tsy akory ny fikelezantsika aina ao amin'ny Tompo.

## DIAKONIA
FITOKANANA

Notontosaina ny Asabotsy 15 mai 2010 lasa teo ny fitokanana ny Departemanta ny Diakona tontolo andro teny amin'ny FLM ambatomainty Ivato. Izany no natao ho fampaherezana ny Diakona rehetra sy ny fandinihina ny fantsarana ny fomba fiasa ary ny hisian'ny fiaraha-miasa tsara eo amin'ny samy Diakona. Ny tapany maraina dia nisy nyfampianarana nataon' ny Raiamandreny Pastora Raharimanana Eugène mitondra ny Iohahevitra hoe: *"Ny olon'Andriamanitra ao amin'ny fanompoana Masina"* araka ny bokin'ny i Petera ary notohizana tamin'ny fomba fiasa ao anatin'ny Departemanta.



Ny tolakandro kosa dia nisy ny dinik'asa nataon'ny biraon'ny fiangonana nanazava mikasika ny andraikitry ny departemanta sy ny fanentanana ny fiarahamiasa ny mambra ny diakona ho iray fanompoana fa tsy fanompoana samy irery. Nahatratra eo amin'ny 100 eo ho eo ny isan'ny diakona namonjy ny fitokanana ka amin'ny fotoana manaraka dia mety ho hita taratra fa hazoto hamonjy izany ny diakona rehetra noho ny fanompoana Masina izay hiaraha hatao.

## SEKOLY ALAHADY
**NY FIFEHEZANA NY ANKIZY *(Tohiny)***

NY DISCIPLINE ISAN-TSOKAJIN-TAONA

- **Vao teraka - 1 taona:**

- Mila fitiavana tokoa ny zaza eto, izay azony tsapan'ny tena sy ren'ny sofina ka mila tambitamby be dia be izy amin'izany, teny mamy ary misakafo tsara. Eto no fotoana hanorenany ny atao hoe "santé physique et émotionnelle" na koa ny fahatonombanana ara-batana sy ara-pitiavana.
- Tsy mbola azo kapohina izy eto na dia manaitra amin'ny alina aza.
- Mila ianarana ny «communication par les larmes» ataony mba ahafantarana ny tiany ampitaina amin'ny alalan'ireo tomaniny. Kanefa amin'izany dia tandremana tsara fa tsy dia raisina foana akory izy isaky ny mitomany.
- Manomboka mahatsapa ny autorité-n'ny raiaman-dreny ny ankizy eto ka efa mila fihenjanana avy amin'ireto farany rehefa maherin'ny valo volana ny zaza.

- **1 taona - 2 taona:**

- Efa azo kapohina kely , fa tsy atao matetika raha tsy rehefa tena manao ilay défi iny.
- Ampianarina mankato tsikelikely izy manomboka eto.
- Marihina fa tsy maintsy ao aoriany ny tsy fankatoavana avy hatrany no kapohina ary 10mn ihany no faharetan'ny fahatsapan'ny zaza ny hadisoany fa raha mihoatra izay dia raisiny ho toa nysazy na kapoka tsy ara-drariny (injustice) ny famaizana azy.
- Amin'ny raiaman-dreny dia eto no fotoana mandreraka indrindra satria eto ny zaza no mianatra mamindra izay manokatra azy tontolo vaovao tanteraka ka manjary lasa tia karokaroka, te hizaha ny zava-miafina manodidina azy, tia potsipotsitra, ohatra ny varavarana sy ny tiroirs tiana ho sokafana sy sintonina, ny poignets ahodikodina, ny interrupteurs potsipotsirina, ny kilalao potehina na tapahana…
- Raha mbola vao miana-mijoro iny izy dia efa asiana cahe prises ny prises rehetra ao an-tokantrano, hidina lakile ny armoires, tiroirs, placards; tapenana ny zoron-databatra, esorina daholo ny zavatra mora atelina, apetraka amin'ny toerana avo ireo rehetra ahiana sy mora vaky ary mora simba. Izany dia mba ialana amin'ilay fitenenana hoe "aza…" izay manampy amin' ny fifandraisan'ny ray aman-dreny sy ny zaza ka mba tsy hiambenana azy toa ny miandry miandry omby.
- Ka satria normal aminy ny manapotsipotsitra, misintona, mikitikitika, manodinkodina, manositosika, mandrava, dia tokony omena kilalao sahaza izany izy

Ilaina araka izany ny mijery sy mamantatra ny filan'ny zaza araka ny taonany mba ivelaran'ny toetrany. Anontaniana izy ny anton'ny fitondrantenany: vizana ve, sa marary, sa noana, sa kosa mba mila tambitamby, sao mikitakita loatra aho?

*Tohiny pejy faha-7*

# HERINANDRON'NY SALOMA - SAMPANA SEKOLY ALAHADY

## *"Ekipa mpandresy manana mpanazatra tsara"*

Nanatateraka ny HERINANDRON'NY SALOMA ny sampana Sekoly alahady teto amin'ny fitandremana Toby Fanantenana 67ha ny Alakamisy 13 May ka hatramin'ny Alahady 16 May 2O1O lasa teo. Ny teny faneva noraisina tamin'izany moa dia ny hoe ***"Ekipa mpandresy manana mpanazatra tsara"***; Nandritra ireo fandaharam-potoana ireo dia maro ny zavatra notanterahina izay nandraisan' ny Mpianatra sy ireo RaiamandReny izay tonga nanatrika anjara. Hita nandritra izany fotoana izany toy ny Fanatanjahantena, Fifaninanana-Hira – Lalao - Soratra Masina, ary Kaonferansa.

**ALAKAMISY 13 MAY 2010**

Nosokafana tamin'ny alalan'ny "Questions pour un champion" ny Alakamisy 13 May sy ny lalao samihafa izay nandraisan'ny Mpianatra anjara, araka izany dia nisy ny fizarana loka hoan'ireo izay mendrika. Tsy diso anjara ihany koa anefa ireo Ray aman-dReny fa nisy ny Kaonferansa izay natokana ho azy ireo, ny lohahevitra nentina tamin'izany moa dia ny hoe "Ny tokony ho fifandraisan'ny Raiamandreny sy ny zanaka amin'izao vanim-potona iainantsika izao".

**ASABOTSY 15 MAY 2010**

Nitohy ny fankalazàna ny Asabotsy 15 May 2010 tamin'ny fitsangatsanganana izay natao teny amin'ny "Place de l'Amitié Amboanjobe" (route RN7, PK 16). Tsy ny mpianatra sy ny mpampianatra ihany no tonga tamin'izany fa teo koa ireo Raiamandreny ka ny zavatra natao dia ny "KID'S GAMES" ho an'ireo ankizy ary nisy koa ny Kaonferansa ho an'ireo Raiamandreny ary teo koa ny fizaràna loka samihafa. Fifaliana sy fahafinaretana ary fampianarana no azon'ireo rehetra tonga satria dia samy nahazo ny anjarany avokoa ny tsirairay .

**FANOMBOHANA NY FOTOANA**

Niatomboka tamin'ny fizarana ekipa sy filaharana nanoloana ireo Raiamandreny sy ireo Mpampianatra ny fotoana. Avy eo dia niroso tamin'ny fanompoam-pivavahana ka nisy ny fampianarana fohifohy izay nentin-dRamatoa Tsirisoa, Filoha lefitra

**FIZOTRY NY LALAO**

Nozaraina ho sokajy telo ny ankizy ka ny Sokajy voalohany dia manomboka amin'ny Kilasy Présantatra – Kilasy A2, ny Sokajy faharoa dia ny Kilasy A3 – Kilay B2, ary ny Sokajy fahatelo farany dia ny Kilasy D – E. Ny kilasy F kosa indray dia tsy nandray anjara tamin'ny lalao izay natao fa nanao ny asa fanaovan-gazety , izany hoe nanangona ny vaovao rehetra nandritra ny fotoana. Rehefa vita ny fizarana sokajy dia niroso tamin'ny lalao maro samihafa izay notarihan'ireo Mpampianatra ny ankizy. Nifalihavanja aoka izany ireo ankizy rehetra izay tonga satria samy nahazo ny anjarany avokoa ny tsirairay. Raha araka ny fanadihadihana natao tamin'ireo ankizy vitsivitsy dia nilaza izy ireo fa *"tena mahafinaritrabe anay tokoa ny toy izay satria afaka miala voly sy milalao miaraka izahay"*. Fehiny dia tsapa fa afapo avokoa ny tsirairay na dia nisy aza ny naratra kely vokatry ny fianjerana. Tsy diso anjara tamin'izany koa anefa ireo Raiamandreny satria nisy ny lalao natokana ho azy ireo toy ny 'fivohizany bisikileta tsy mihetsika, sy ny maro samihafa ; nisy koa ny Kaonferansa izay nentin'I Zoky Camille RAFALIMANANA, ny lohahevitra moa dia ny hoe "DU FOYER EN HOTEL". Araka izany dia afapo ireo Raiamandreny satria nahazo izay anjaranay ihany koa. Raha araka ny fanadihadihana natao tamin'ireo Raiamandreny vitsivitsy dia samy nanamafy fa *"tsy nampoizinay tokoa ny toy izao,ary tena afapo tanteraka satria nahazo ny anjaranay ihany koa izahay"*. Nanentana ireo Raiamandreny rehetra izy ireo mba handeha amin'ny fitsangatsanganana toa izao, ary koa mba handefa ny ankizy satria sady fanohanana Ireo zanantsika izany no azahoana fahalalana ihany koa.



**NY ANTON'NY FITSANGATSANGANANA**

Satria moa ny Sampana Sekoly alahady dia sehatra iray hitaizana sy hanabeazana ny ankizy amin'ny lafiny rehetra,izany hoe amin'ny mahaolona manontolo, ka izany no antony nanaovana izao fitsangatsanganana izao .

Araka ny fanadihadihana natao tamin'ireo Mpikarakara sy Birao ary Mpampianatra vitsivitsy (Zoky Camille RAFALIMANANA, Mme Tsirisoa, Mme Annie, Dr Prosper) dia samy nanamafy fa afapo izy ireo tamin'ny fikarakarana satria maro ireo ankizy sy Raiamandreny tonga, ny toerana koa dia nafinaritra rahateo. Araka ny voalazan'izy ireo ihany: ny anton'izao fitsangatsanganana izao dia fampivelarana sy fampianarana ny ankizy hiaina ny tenin'Andriamanitra ao anatin'ny zava-boahary, sy ny lalao ka handray lesona avy amin'izany; hahatonga ny ankizy hifankafantatra sy hifandray bebe kokoa, izany hoe fampitomboana ny fifaneraserana eo amin'ny samy ankizy ka hahatonga azy ireo hifankatia. Manentana ireo Raiamandreny izy ireo mba hanohy ny fitondrana ny ankizy ao anatin' ny Sampana Sekoly alahady satria ao no misy ny fahendrena tsara indrindra azon'ny ankizy ratovina.



**FOTOANA HARIVA**

Nitohy ny fotoana rehefa tonga ny tolakandro, tamin'ny lalao ifaninanana samihafa toy ny "'Basketball, foot-ball," izay nandraisan'ireo ankizy sy ny Mpampianatra ary ny Birao anjara. Teo amin'ny taranja "foot-ball" dia ny Ekipan'i Antsirabe no nandrombaka ny amboara rehefa nandresy ny ekipan'i Angleterre tamin'i isa 01 no 00 teo amin'ny lalao famaranana. Teo amin'ny taranja "basket-ball" kosa indray dia ny ekipan'i Fanamperana no nihaona tamin'I Ekipan'I Sitraka teo amin'ny lalao famaranana ka ny Ekipan'I Sitraka no nivoaka ho mpandresy tamin'ny isa 06 no 02. Nofaranana tamin'ny fizarana loka ny fotoanan'ny andro

**FOTOANA ALAHADY 16 MAY 2010 MARAINA**

Ny alahady 16 May 2010 no famaranana ny fotoanan'ny herinandron'ny SALOMA Fitandremana Toby Fanantenana 67ha ka ny fotoam-pivavahana fidirana faharoa no nanatanterahana izany. Filaharamben'ny ankizy niaraka tamin'ireo Mpampianatra no nanombohana ny fotoana izay niainga teo amin'ny Toby 238 tamin'ny 09 Ora maraina ka namonjy ny fiangonana, nisy ny toerana voatokana ho an'ny Sampana Sekoly Alahady. Ny kanton'ny Fanantenana no nihira nandritra ny fanompoampivavahana ary ireo Mpampianatra kosa dia nandray anjara tamin'ny vakiteny nisesy. Ny Pastora nitondra ny alitara dia ny Pastora ANDRIANANTOANDRO Léon Fidèle. Nandritra ny fotoana dia nisy ny fampianarana manokana ho an'ny ankizy ka ny teny nalaina dia ny tao amin' i *Petera 3/15*: manao hoe *"fa manamasina an'i Kristy ho Tompo ao am-ponareo"* io dia milaza fa isika Ankizy dia manana anjara amin'ny fanjakan'ny lanitra ka tokony hanamasina an'i Kristy mandrakariva ao anatintsika satria ny fanahy no mitoetra ao anatintsika. Ny fotoana tamin'io Alahady io dia nofaranana tamin'ny fandraisana ny fanasan'i Tompo.


*Nanangona ny vaovao : Kilasy F*

# NY EPISTILY HO AN'NY HEBREO

Ny Epistily ho an'ny Hebreo ity ihany no mitantara an'i Kristy ho Mpisoronabe ao amin'ny Testamenta Vaovao manontolo. Ny filazantsara efatra izay mitantara ny fiainan'i Kristy tety an-tany sy ny asany dia tsy ahitana ny filazana Azy ho Mpisoronabe na indray mandeha aza, fa ao amin'ny Epistily ho an'ny Hebreo kosa Jesosy Kristy dia voalaza mazava fa ny Mpisoronabe ho an'ny kristiana. Hoy indrindra ny mpanoratra raha manazava izany : *«Koa satria manana Mpisoronabe lehibe izay lasa namaky ny lanitra dia Jesosy Zanank'Andriamanitra, aoka isika hihazona ilay efa nekentsika» ( Heb 4 :14 )*. Araka izany, ny filazana an'i Kristy ho Mpisoronabe no foto-kevitra banjinina ao amin'ny ity epistily ity. Izy no fahantanterahana ny fisoronana levitika ao amin'ny Testamenta Taloha, izay tsy miorina araka ny lalàn'i Mosesy fa amin'ny fianianan'Andriamanitra Rainy.

**MOMBA NY EPISTILY**

Manana ny lanjany manokana ao amin'ny Testamenta Vaovao ny epistily hoan'ny Hebreo. Raha tsy teo ity Epistily ity hoy ny mpandinika maro dia tsy feno ny fahalalantsika ny fiangonana voalohany; ary ity Epistily ity no anisan'ny lalina aorian'ny Filazantsara nosoratan'i Jaona. Izy no fanalahidy ahafantara ny fifandraisan'ny Testamenta Taloha sy Testamenta Vaovao, ary ivon'ny boky rehetra ao amin'ny Testamenta Vaovao, kanefa amin'ny lafiny ilany dia ity Epistily ity no feno zava-miafina sy sarotra ary ahitana ny olana maro ao amin'ny Testamenta Vaovao, ary anisan'ny olana amin'ity epistily ity ny amin'ny mpanoratra azy; iza marina no nanoratra ity Epistily ity?




**NY MPANORATRA**

Tsy milaza ny anarany ao amin'ny Epistily ny mpanoratra no sady tsy misy teny mety ahafantarana azy koa. Ao amin'ny Hebreo 13:3 no misy filazana an'i Timoty izay zanaka ara-panahin'i Paoly Apostoly *(Asa 16:1-4)*, izany no mahatonga ny mpandinika hilaza fa mety ho Paoly no nanoratra azy . Koa raha dinihina ny votoatiny dia misy fitoviana amin'ny asa soratr'i Paoly tokoa ny Epistily ho an'ny Hebreo amin'ny zavatra sasany momba an'i Kristy izay endrik' Andriamanitra *(Heb 1:3; Kol 1:15-20; Filp 2:6 )*; ny amin'ny fanetretenan'i Kristy *(Heb 2:9; I Kor 8:9; Filp 2:7-8 )*, Jesosy mpanalalana ny amin'i Kristy sy ny olona. *(Heb 8:6; I Tim 2:5)*; ny tenin' Andriamanitra sabatry ny Fanahy *(Heb 4:12 ; Efes 6:17)*; ny fiainana Kristiana oharina amin'ny hazakazaka *(I Kor 9:24; Filp 3:14; Heb 12:1)*. Araka izany dia maro ireo izay milaza fa soratr'i Paoly ity Epistily ity, kanefa koa nisy ny tsy nanaiky izany. Ny sasany milaza fa Barnabasy no mpanoratra ity epistily ity, izy dia levita avy any Kyprosy (Asa 4:36) ka mahalala tsara ny Testamenta Taloha sy ny fivavahana tao amin'ny Tempoly.

Tonga Kristiana izy ary niara niasa tamin'ny Paoly Apostoly *(Asa 11:22-26; Gal 2:9)*. Ny konsily tany Antiokia (264 AD) sy tany Nicée(325 AD) ary ny tany Laodikia (360 AD) dia samy nilaza tsy ampisalasalana ny maha soratr'i Paoly ity Epistily ity .Toy izany koa ny konsily tany Carthage (419 AD ) izay mitana antsoratra fa 14 no isan'ny epistily nosoratan'i Paoly ka tafididitra ao anatin'izany ny Epistily ho an'ny Hebreo. Ary manomboka hatreo dia nangina ny adi-hevitra momba ny mpanoratra ity Epistily ity.

Martin Lotera dia nilaza fa mety misy hevitr' i Paoly tokoa hita amin'ity Epistily ity; kanefa ny Heb 2:3 hoy izy dia manambara fa tsy izy no nanoratra . Tsy nandray avy tamin'ny filazantsara i Paoly fa avy amin'i Kristy naniraka azy *(Gal 1:11-16)*. Mety ho Apostoly no nanoratra ity epistily ity hoy Lotera. Araka izany ary dia toa mirona amin'ny Paoly Apostoly ny mpandinika maro, ny amin'ny mpanoratra ny epistily; kanefa dia ao koa ny fisalasalana ho an'ny hafa, ary vokatr'izany no tsy nametrahana ny mpanoratra tao fa ny iraisan'ny rehetra dia hoe : raha tsy Paoly dia olona niara-niasa taminy akaiky.

Iza ary ny fiangonana nanoratana ny epistily

**NY FIANGONANA NANDEFASANA NY EPISTILY**

Mitondra ny anarana hoe: "Hebreo" ny fiangonana nandefasana ity epistily ity. Tsy hita tao amin'ny soratra voalohany anefa ny hoe : ho an'ny Hebreo; fa taty amin'ny taona 200 AD vao nampitondraina azy izany, ary tany Alexandrie no nahitana izany, araka ny soratra tranainy. Azo heverina amin'izany fa avy tamin'ireo fanangonan'ireo Kristiana tamin'ny soratra faharoa ny Soratra Masina ao amin'ny Testamenta Vaovao no niavian'io anarana io. Nino izireo fa nosoratana ho an'ny Kristianina Jiosy ity Epistily ity koa dia natao hoe: hoan'ny Hebreo, anarana nilazana ireo Jiosy miteny Hebreo ny hoe: Hebreo *(Asa 6:1; II Kor 11:22)*. Fatra-pitàna ny maha Jiosy azy izy ireo ary nifanohitra tamin'ireo Jiosy helenista izay miteny sy manaraka kolotsaina Grika.

Araka izay dia tsy milaza ny fiangonana nandefasana ny Epistily ny hoe: Hebreo fa manondro ny vondrona na karazan'olona anankiray. Hita ao amin'ny Epistily fa tsy voalaza mivantana ny anaran'ny fiangonana nandefasana ity Epistily ity . Ao amin'ny *Heb 1:1* ny hoe: "razana" dia ilazana ny Israely izay nitenenan'ny mpaminany. Mahafantatra an'i Mosesy ny andefasana *(Heb 3:1-4)*; *Josoa (Heb 4:8)* ; momba ny Mpisoronabe *(Heb 4:14; 5:1-3)* ; ny fanatitra tao amin'ny Tempoly *(Heb 10 :2-3-11)*. Ny olona nanoratana izany dia azo heverina fa ny kristiana tany Jerosalema no nanoratana ny epistily. Ary tsy izany ihany fa efa kristiana ela sy mambra tao amin'izany fiangonana izany izireo *(Heb 5:12; 10:32 )*. Hita anefa fa sarotra ny milaza mivantana izay fiangonana nandefasana ity Epistily ity, raha jerena avy ao anatin'ny epistily.

Fa raha jerena avy ety ivelany dia ireto no tombatombana izay nataon' ny mpandinika ny amin'ny fiangonana nandefasana ny epistily: Jerosalema na fiangonana manodidina an'i Jerosalema; na ny vondrona fikambanan'ny mpisorona izay nino an'i Jesosy *(Heb 5:12)*, na ireo Jiosy ampielezana.

*(Hotohizana)*

*Pastora RAHARIMANANA Eugène*


## GAZETY FANANTENANA

**Talen'ny Gazety :** Past Dr Péri Rasolondraibe
**Tonian'ny Gazety :** Atoa Ramanankatsoina Lucas
**Mpanao gazety :** Tsiry-Laingo-Mamy-Rinah-Léa-Harimalala-Vololona-Oelifara-Samy-Denise-R. Georges-Prisca-Andry
**Maquette :** Christophe

**FLM Toby Fanantenana 67 ha**
E-mail : tobyfanantenana@flm67ha.org
Site Web: www.flm67ha.org
Tél: 261 20 22 324 45
B.P: 72 Antananarivo 101


# FMBM

## Nivoaka ny Baiboly ho an'ny Foloalindahy

Navoaka tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny 21 Jiona lasa teo (andron'ny Baiboly) ny Baiboly ho an'ny Foloalindahy. Teny amin'ny Chapelle Militaire no natao ny lanonana ary natrehan'ireo manam-pahefana miaramila maro. Tsangambato noho ny faha-175 taonan'ny Baiboly Malagasy ity Baiboly ho an'ny foloalindahy ity.

**Baiboly "Cammouflée"**

Efa roa taona lasa ny FMBM no nikasa ny hamoaka ny Baiboly ho an'ny miaramila, saingy na dia teo aza ny fikasana dia an'Andriamanitra ny fandaharana ny zavatra rehetra. Izy no efa nahalala hatramin'ny voalohany fa havoaka amin'ny faha-50 taonan'ny Foloalindahy ity Baiboly manokana ity.




Ny Vondron'ny Miaramila Kristiana no niaraniasa tamin'ny FMBM tamin'ny famolavolana ny "Baiboly Cammouflée". Natao mitovy amin'ny fitafy "cammouflé" ny fonony, izany hoe mitovy amin'ireny akanjo fanaon'ny miaramila an'ady ireny. Ankoatry ny maha-Baiboly feno azy dia misy teny manokana ho azy ireo ary teny tandrify amin'ny vanim-potoana samihafa atrehan'ny miaramila ao anatin'ity Baiboly ity.

**Protestanta / Katolika**

Dikanteny roa no natonta : Protestanta sy Katolika ary afaka misafidy araka izay dikanteny mety aminy ny tsirairay. Efa eo an-dalampiheverana ny hamokarana Dikanteny Iombonana (DIEM) nefa tahaka ny teo ihany dia Andriamanitra no mametra ny fotoana hivoahan'izany.

**Lafo vidy / Tsotra**

Marihina fa misy lafo vidy ireto Baiboly ireto ary isa voafetra no nanontana azy. Famandrihana tamin'ny alalan'ny tapakila teo anivon'ny Vondron'ny Miaramila Kristiana ihany anefa no hahazoana azy io fa tsy hamidy eny amin'ny fivarotam-boky. 13 000 Ar no vidin'ny Baiboly miaramila tsotra (tsy lafo-vidy). Marihina fa mitovy tsy misy hafa ny ao anatiny saingy ny vavavolamena no mampiavaka azy roa ireo.

**Maro ireo nandray anjara**

Kristiana maro no nentanina tamin'ny alalan'ny valopy mba hanome hahazoana mamokatra izao Baiboly ho an'ny foloalindahy izao. Ary ny sasany tamin'ireny dia avy eto amin'ny FLM 67 Ha. Ny faniriana dia mba tena ho "Aina ho an'izay mahazo azy ary fahasalamana ho an'ny Foloalindahy Malagasy" izao Baiboly navoaka voalohany teto amin'ny firenentsika izao.

***NY FIFEHEZANA NY ANKIZY (Tohin'ny pejy faha-5)***

Rehefa miresaka aminy kosa anefa na manitsy azy dia tokony amin'ny fahalalam-pomba sy fanajana ary halemem-panahy toy ny miresaka amin'ny olon-dehibe ireny na dia efa tena feno fahasorenana sy hatezerana aza.Tsy sintonina na arahina hoe "aza raisina iny…" raha misy zavatra nalainy fa hoe " omeo an'i Neny iny azafady o!"

Mila mampiasa "teny affirmative" rehefa miresaka aminy, ahena ny "négative", mampiasa tetika rehefa iny voarainy iny ny vazy mora vaky ohatra dia tsy taitaitra na maika ery handrara sy hibaiko hoe "avereno ery iny" fa tolorana zavatra iray izy mba hamonjena ilay vazy, izany dia amin'ny teny moramora kanefa amin'ny fomba hentitra.

Aoka ho tsarovana fa rehefa feno 2 taona ny zaza dia efa mahay manao "calcul", hainy fa ny tabouret dia afaka hiakarana hangalana biscuit, ka anjaran'ny ray aman-dreny ny manabe sy maneho "autorité", mila ampahafantarina azy fa misy "limite" fandrao manjary baranahany.

Koa satria miaina eo anivon'ny fiaraha-monina isika dia ilaina ny fitsipika arahina amin'izany ho fanajana ny hafa ary eo amin'ny fianakaviana no manomboka ampianarina izany. Ohab.22:6 "Zaroamin'ny lalana tokony alehany ny zaza…"

▪ **2 taona - 3 taona:** taona fipelipelehana (l'âge terrible).

Tokony ho fantatry ny ray aman-dreny fa taona tsy mampitombona ny ankizy io. Normal anefa izany ary ilaina amin'ny fivelaran' ny sainy sy ny toetrany.

- Tia rairay, manimba sy manjera zavatra, mihinankinam-poana, mipelipelika any am-piangonana… Noho izany tsy tokony ho kapohina izy na dia any am-piangonana aza.
- Anjaran'ny lehibe ny manala ny zavatra mora simba sy mora vaky ao an-trano, izay mora takatra, sy kitihina ary mety handratra. Ohatra: fatapera, prises, télé…
- Tsy azo omena tsiny amin'ny fikarokarohana ny manodidina (exploration des alentours) izy fa ilainy amin'ny fivelaran'ny sainy izany (stimulation intellectuelle).
- Ny toetra mamaritra ity sokajin-taona ity dia efa mahay miteny tsara, milaza izay ao am-pony sy tadiaviny izy. Mitombo ny fahafantarany ny tenany ary manomboka mifandray amin'ny hafa indrindra fa ny ankizy toa azy izy.
- Efa mihena ny hamafisan-doha satria efa voabedy sy voakapoka ka efa mahalala ny tokony atao sy ny voarara izany hoe efa mitombo ny fifehezantena (contrôle de soi) ka mieritreritra vao manao zavatra.
- Na izany aza anefa dia mbola taonan'ny "égocentrisme" ny 2taona mahery. Tsy tokony sakatsakanana be fahatany sy na fefifefena fa torona hevitra. Avela izy hikiakiaka, hilalao rano, hifampitifitra, hianikanika, fa tafiditra ao amin'ilay ato hoe "exploration des alentours" izany.

*Mbola hitohy*

# TORO-HEVITRA MAHASOA

***TOROHEVITRA HO FANOMANANA FANADINANA***

*"Ario ny tahotrao ry olona osa fo! Izay lazain'ny Tomponao tsy misy tsy ho to…" (FFPM 460)*

Herinandro vitsy sisa dia hiatrika ny fanadinana ireo kilonga madinika sy ny tanora. Mihamanatona ilay fotoana ary mihamanatona toy izany koa ny tebiteby sy tahotra izay tena manimba ary isan'ny fototry ny tsy fahombiazana. Eto dia matahotra hatramin'ny raiamandreny ary tsy mandresy ilay horohoro ny mpiadina rehetra raha tsizarizary ny fiomanana sy ny fahavononana hiatrika ny laza adina.

**Indreto misy torohevitra vitsisitsy ka vakio :**

Anisan'ny tsy mahalavorary ny fanadinana ny tsy fahampian'ny torimaso izay tena mitarika faharerahana malaky dia malaky, na dia tafatsangana sy hita ho toy matanjaka ety ivelany aza ny mpianatra dia tsy tafatombina mihintsy ny saina satria matory mitsangana. Noho izany dia atao izay hananana torimaso ara-dalàna sy feno ka ny fandaharampotoana amin'ny fiomanana no alamino hirindra tsara.

Omeo minitra vitsy hiatoana amin'ny famerenana ao anatin'ny andro iray izay azonao anaovana fampiasam-batana kely.

Tsindriana mafy eto fa tsy eo ambony fandriana no toerana hanaovana ny famerenan-desona fa mampatory ny saina izany. Tsara indrindra ny tsy handraisana kahie intsony ny andro iray mialoha ny androm-panadinana.

Mitana anjara toerana lehibe ny fomba fisakafoana. Mialoha sy anatin'ny fotoam-panadinana dia sakafo ara-pahasalamana sy feno otrik'aina no ilaina fa tsy ny fanaovana voky loatra akory ary legioma sy voankazo no omeo toerana tsara. Aoka ho maivana toy izany koa ny ody ambavafo. Aza ovaovaina ny ora fisakafoana.

Tsy finoanoam-poana akory ny hoe mihinana chocolat fa tena ilaina ny magnesium ao anatiny ary mampitony ny fitaintainana sy tebiteby izany.

TANDREMO ry zatovo ny fandraisana sy fidorohana zava-mahadomelina mialoha sy mandritra ny fotoam-panadinana fa LOZA miditra izany.

Ho anao ray sy reny: tsy fanao ny manome fanafody fampatoriana ny mpianatra raha somary sahirana izy mialoha ny ora fatoriana fa dite maivana haroso azy.

Manampy trotraka ny tebiteby raha tara ny mpiadina koa tongava 30mn mialoha ny ora voatondro.

Torohevitra ihany ireo fa atomboka amin'ny vavaka avokoa ny zavatra rehetra ary atao amin'ny anaran'i Jesosy.

Mirary fahombiazana sy fitahian'i Jesosy ho anao ny Gazety Fanantenana ry zandry malala fa:

*"…Ny fisentoanao dia reny avokoa, ny feon'ny fitarainanao valiany tokoa" (FFPM 460)*

## MIHINANA FINARITRA : LASOPY RAMBON'OMBY SY LEGIOMA

Zavatra ilaina :

| | |
|---|---|
| Rambon'omby : 1Kg | Poireau : 2 |
| Tsoka :4 | Carotte : 4 |
| Céleri :250g | Navet : 4 |
| Tongolo be : 1 | Mofo sy fromage voakiky |
| Tongolo gasy : 1 | Hanitra toy ny jirofo sy dipoavatra, |

**Fikarakarana azy**

Rehefa voatetika sy voadio tsara ny rambon'omby dia arotsaka ao anaty vilany lehibe iray miaraka amin'ilay tongolo be efa voavaofy ary ampiadirana ilay singana jirofo, alefa ao koa ny tongolo gasy iray.

Andrahoina amin'ny ranon-tsasany ireo ary somary atao mendimendy kely ka rehefa ritra tsara dia asiana rano iray litatra sy sasany sy sira ary dipoavatra ka avela hiketrika eo aloha ary hatao izay hampalemy ny hena, tapohana rano tsikelikely mandrapahalemy izany.

Sasana hadio tsara ny poireau ary tetehina madinika , atao toy izany koa ny legioma rehetra. Arotsaho anaty hena amin'izay ny legioma voatetika sy ireo tsoka rehefa mihamalemy ny rambon'omby ary avela hiara-homasaka.

Rehefa masaka dia esory ny taolana amin'ny tsoka sy rambon'omby. Arosoy mafana miaraka amin'ny mofo voatono sy kikina fromage ary atao ambony ilay tsoka.

## TONONKALO

### TSY MBA MISY

Ray ô  
tsy mba misy faniriako afa tsy akaikinao,  
tsisy anarana hobiako afa tsy ny Anaranao;


tsisy teny ankamamiako afa tsy ny Teninao,  
tsisy ora ifaliako afa tsy ny Anilanao

tsisy, mantsy, ny masoandro, tsisy koa ny aizim-be,  
rah' tsy Ianao no mitandro, rah'tsy Ianao no manome.

ka ny hafa samy handalo, ny tontolo ety ho dify,  
lavitra ahy ny fahavalo rah' Aminao no miampify

*Mamy RN*  
*31-12-00*

## NY FAHASEMBANANA ARA-TSAINA
### (L'infirmité motrice cérebrale)



**1. Ny mombamomba azy:**

Ny fahasembanana ara-tsaina dia fitambaran'ny fahavoazan'ny ati-doha mitarika hatrany amin' ny fahalemen'ny rantsam-batana.

Tranga maro no mety ho fisehony: fahataran'ny fivelaran-tsaina, fahalemen'ny ilan'ny vatana havia na havanana (hemiplegie infantile), fahalemen'ny ratsambatana efatra ka mety ho tsy fahafahana mandeha tanteraka (dépendance totale).

**2. Ny antony mahatonga azy:**

- Hatrany ambohoka: fandraisana tambavy tsy azo antoka, aretin'ny reny (tazo, nendra ......), fandraisana reny alikaola mandritra ny fitondrana vohoka, tsy fahatomombanan'ny rà (lio) vokatrin'ny fifanambadianan'ny mpihavana.
- Eo ampiterahana: fahasarotam-piterahana (fahatoranan'ny zaza vao teraka maharitra ),
- Aorian'ny fahaterahana: dona amin'ny lohan'ny zaza, fiantraikan'ny fanintona mpahazo ny zaza

**3. Ny fisehony:**

Raha hatrany ambohoka sy eo ampiterahana no nahatonga ny loza dia tokony hanaitra ny ray amandreny ny tsy fahavitrihan'ny zaza, misy fahatarany ny fivelarantsainy, toy ny fitenenana, fipetrahana (6 volana), fandadizana (8 volana)....,

**4. Fiarovana :**

Mandrtitra ny fitondrana vohoka dia tokony hanaraka ny toro-hevitrin'ny mpitsabo:
- Momba ny fisafoana;
- Ny tsy fihinanana fanafody raha tsy avy amin'ny Dokotera;
- Fandraisana tambavy tsy azo antoka;
- Fiterahana any toerampitsaboana irery ihany

Aorian'ny Fiterahana :
- Arahi-maso tsara ny ankizy mba tsy hianjera matetika ka mety ha voadona ny lohany
- Tsy kapohana amin'ny loha
- Arovana amin'ny aretina mety hampiakatra ny hafanana (ialàna amin'ny fanintona)
- Alaina kankana matetika

**5. Fandraisana an-tànana sy fitsaboana**


- Fanatonana ny dokotera mpitsabo avy hatrany raha misy tranga mampiahiahy ny ray amandreny mikasika fahataran'ny fivelaran-tsain'ny zanany (fahataran'ny fipetrahana, fandadizana......),
- Azo atonina avy hatrany koa ireo dokotera eny amin'ny sampandraharaha misahana ny fitsaboana ny fanarenana ara-batana( service de rééducation fonctionnelle, service de rééducation et d'Appareillage....) amin'ireny Hôpitaly lehibe,
- Omena tambitamby ny ankizy tratran'ny fahasembanana ara-tsaina ary tsy ailikilika,
- Fitsaboana maharitra ny an'ny zaza manana fahasembanana ara-tsaina ka ilaina ny fifampitokisan'ny ray amandreny sy ny Mpitsabo manana fahaizana manokana ho amin'izany.
- Ilaina ny fidiran'ny ray amandreny amin'ireny fikambanana mikarakara ireo ankizy manana fahasembanana.

* Marihina fa samihafa ny fahasembanana ara-tsaina sy ny olona marary saina.

TARA Célestin
*Masseur Kinésithérapeute - Diplôme de Cadre Paramédical*
*Président de l'Association des Kinésithérapeutes de Madagascar*

## NY KILALAONTSIKA N°16

ARAHO ANGE IREO TAREHIMARIKA DIA HO HITANAO E!



AIZA ARY NY LALANA HAHAFAHAN'ILAY TANALAHY HAKA NY BIBIKELY?

